
# IZA NO HANAFAKA AHY ?

Nitory Filazantsara tao amin’ny tanànan’ny manam-pahefana iray tao Lessouto aho indray Alahady. Maro ny olona tonga nanatrika hihaino ny Tenin’Andriamanitra tamin’izay fotoana izay ary anisan’ireo ilay filoham-panjakana sy ny vadiny. Nanindrona ny fon’ireo mpanatrika tokoa ny Tenin’Andriamanitra Izay mahery sy maranitra noho ny sabatra roa lela.

Raha mbola teo am-pitoriana teny aho, dia nanomboka nitomany mafy ilay ramatoa vadin’ny filoham-panjakana. Nikoriana nanaraka ny takolany ny ranomasony, ary nitsangana izy no sady niantsoantso hoe: “Iza no hanafaka ahy? Vonjeo aho, ory loatra ny foko, olo-mahantra sy fadiranovana aho. Iza no afaka hanampy ahy? Iza no hanafaka ahy amin’ity fanangejan’ny ota ity? Inona no tokony hataoko? Fantatrareo rehetra aho, izao no vadin’ny filoha ary mpivavaka aho.”

Nankany am-piangonana foana aho nandritry ny 20 taona izay, nefa tsy nitondra na inona na inona teo amin’ny fiainako izany, tsy nanafaka ahy ireo, satria tena namatotra ahy ny fahotana. Mpisotro toaka aho no sady mpamono alona. Feno loto sy haratsiana ny tànako satria efa nandray sy nisotro labiera izay zava-pisotro voahozona. Voafatotry ny fahotana ny tànako sy ny tongotro, voagadran’ny helo aho!”

**IZA NO HANAFAKA AHY?**



*Izay manota dia avy amin’ny devoly. 1 Jaona 3:8a*

Nitomany mafy indray izy ary nipetraka sy niantsoantso mafy hoe: Vonjeo aho! Vonjeo aho! Iza no hanafaka ahy? Iza no hanafaka ahy amin'ireto fatotry ny ota ireto? Tiako Andriamanitra, nefa manjaka amiko ny fahotana, no sady misarika ahy ho any amin'ny helo. Izaho no namono ny zanako lahimatoa; mamo aho tamin'ny fotoana nibabeko azy, ary tanatin'izany fahamamoana izany dia nianjera tamin'ny tany aho ka niakapoka tamin'izany ny lohan'ilay sombiniaiko, ka nahafaty azy. Vonjeo aho ho afaka amin'ity fahafatesana ity! Tsy nanafaka ahy ny fomban-drazana. Tsy nanafaka ahy ny fombam-pivavahana. Iza no hamonjy ahy? Iza no hanafaka ahy?"

Izao no navaliko azy: "Aza matahotra. Aza manary toky. Ny olanao dia olana mpahazo ny rehetra ihany. Manome valiny amin'izany fitarainan'ny fonao izany ny Baiboly. Manambara izy fa manjaka amintsika ny ota kanefa misy Olona Iray Izay manafaka antsika amin'izany."

"Fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin'ny nofoko; fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko… Koa hitako izao lalàna izao: raha ta-hanao ny marina aho, dia ato amiko ihany ny ratsy. Fa mankasitraka ny lalàn'Andriamanitra aho araka ny toetra anaty; nefa mahita lalàna hafa amin'ny momba ny tenako aho, miady amin'ny lalàn'ny saiko ka mamabo ahy ho an'ny lalàn'ny ota izay ao amin'ny momba ny tenako." (Romana 7:15-25). Na ho ela na ho haingana dia ho tonga ao am-pon'ny tsirairay ity antsoantso ity — **"Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy…?"**

## IZAO NO VALINY


*"Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo." (Jaona 8:36).*

Jesosy no vaha-olana ho antsika: Izy no valiny ho an'ny fanontanianao. Fa tsy misy famonjena afa-tsy amin'ny anaran'i Jesosy irery ihany. Asan'ny Apostoly 4:12. Jesosy irery ihany no mahay manafaka antsika amin'ny fahotana. Ny ràny latsaka teo ambony hazo fijaliana irery ihany no afaka manadio antsika amin'ny fahotana rehetra. Tsy misy mpitsabo, na fanafody, na mpimasy, na olona, na mpitoriteny, na mpisorona, na fiangonana afaka manala antsika amin'ny fahotana. Jesosy irery ihany, Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, no afaka mamonjy anao amin'ny alalan'ny Ràny, sy ny herin'ny Fanahiny Masina.

Tonga teto amin'izao tontolo izao Jesosy Ilay Zanak'Andriamanitra mba, "Hampahiratra ny mason'ny jamba, hamoaka ny mpifatotra hiala ao an-trano-maizina ary izay mipetraka ao amin'ny maizina hiala ao an-trano famatorana." (Isaia 42:7). Jesosy namaly hoe, "… izay rehetra manota dia andevon'ny ota… Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo." (Jaona 8:34,36). Jesosy Izay fahamarinana, no manafaka anao.

Jesosy Zanak'Andriamanitra no nitondra ny fahotantsika rehetra tamin'ny Tenany teo ambony hazo fijaliana. "Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady

nivesatra ny fahoriantsika; …Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoronina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika." (Isaia 53:3-7).




*Koa raha ny Zanaka (Jesosy) no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo. (Jaona 8:36)*

Barabasy dia mpanota sady mpamono olona, voaheloka ho faty izy. Tokony ho nohomboana tamin'ny hazo fijaliana izy, fa Jesosy kosa naka ny toerany ka nitondra ny hazo fijaliana izay tokony namonoana an'i Barabasy. Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra dia voahombo teo amin'ny toeran'i Barabasy, teo amin'ny toeranao sy teo amin'ny toerako, afaka ilay mpamono olona satria nisy olona hafa novonoina ho faty mba ho solony. Izaho sy ianao no Barabasy.

Fahafatesana no tambin'ny ota; fa fiainana mandrakizay kosa no fanomezana avy amin'Andrimanitra ao amin'i Kristy Jesosy. Raha mijery am-pinoana eo amin'ny hazo fijalian'i Kristy ianao, dia ho hitanao ny tenanao sy ny fahotanao voafantsika eo amin'izany hazo fijaliana izany. Naka ny toeranao teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy mba hahatonga anao ho velona mandrakizay. Nalatsany ny Ràny ho famelàna ny helokao. Fa tena tia anao Andriamanitra, ka izany no nanolorany ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho faty ianao, fa hanana ny fiainana mandrakizay.

Rehefa nandre ireo teny rehetra ireo ilay vadina manam-pahefana dia nino ani'i Jesosy izy ary nanolotra ny fony ho Azy. Nomeny ho an'Andriamanitra

ilay fony feno fahotana, ary Andriamanitra kosa nanome azy fo vaovao feno ny Fanahiny Masina. Tsy ny fahotany ihany no navelan'Andriamanitra, fa nafahany tamin'ny herin'ny ota koa izy. Taona maro nanomboka teo dia niaina fiainan-tsambatra sy feno fandresena izy. Tsy nisotro zava-pisotro mahamamo intsony izy, tsy nifoka sigara intsony ary tsy nihinana paraky intsony, niaina fiainana madio izy ary tonga vavolombelon'ny fahamarinana hoe, "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; satria efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo." (2 Korintiana 5:17).

Ianao koa, ry mpamaky malala, dia ho afaka noho ny finoana an'i Jesosy Kristy. "Mankanesa aty Amiko ianareo REHETRA izay miasa fatratra sy mavesatra entana fa Izaho no hanome anareo fitsaharana." (Matio 11:28). Manatòna an'i Jesosy ianao amin'izao toetranao izao sy izay toerana misy anao. Lazao Azy avokoa ny otanao sy ny fanahianao rehetra. Tsy handà anao Izy, raha toa ka manatona Azy amin'ny fo feno finoana sy fanetren-tena ianao. Mety efa mpandeha am-piangonana ianao, nefa mbola voafatotry ny ota. Manatòna an'i Jesosy. Hanafaka anao avy hatrany Izy, tahaka ny nanasitranany ny boka sy nampahiratany ny jamba. Tsy miova Jesosy ary mahay manasitrana ny fo torotoro sy manafaka ny mpifatotra. Mamela ny helotsika REHETRA Izy ary manasitrana ny aretintsika REHETRA. *Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra. (Salamo 103:3).*

Rehefa nanolotra ny fonao ho an'i Jesosy ianao, dia ambarao amin'ny hafa koa Ilay Mpanafaka anao. Izahay koa, dia maniry ny handre avy aminao.

J.R. Gschwend.

---

Le livre du "Coeur de l'homme" peut être obtenu en plus de 500 langues et dialectes parlés dans le monde entier, à savoir: Afrique, Amérique, Asie, Extrême Orient, Europe.**Notre Livre du Coeur est maintenant aussi disponible sur votre Téléphone cellular, plaques, etc. de www.angp-hb.co.za ou comme une Application "Heart of Man" sur téléphones Android.**

Si vous avez trouvé le salut en Christ ou si vous avez été béni par notre littérature, nous vous prions de nous le faire savoir. Nous aimerions remercier Dieu avec vous et prier pour vous.

Pour obtenir gratuitement de la littérature évangélique, des livres et des traités en plus de 540 langues, écrivez à:

**E-MAIL: info@angp.co.za**

**ALL NATIONS GOSPEL PUBLISHERS**

**P.O. BOX 2191, PRETORIA, 0001, R.S.A.**

(Une Mission de Littérature évangélique financée de dons)

(Reg. No. 1961/001798/08)